# Fanombanana ny vokatry ny fampiasana kitapo-kely vita avy amin'ny labasy eo amin'ny kalitaon'ny otri-bilona (ensilage)

RAZANARIVO Herisoa Eliane, RAKOTOMANANA Olga Rachel, RAZAFINARIVO Tsirinirina Donnah, Rapatsalahy Sabine

## TENY FAMPIDIRANA

Ny faharatsiana ny ahitra voajanahary sy ny taha ambany fampiasana ny fanomezan-danja ny vokatra vita amin'ny agro-indostrialy sy ny fambolena vilona dia mijanona ho anton'ny olana eo amin'ny sakafon'ny biby.

Ny ankamaroan'ireo mpiompy dia tsy manana vilona mandavan-taona. Na ny mpiompy madinika aza dia mahita fa sarotra ny mamahana ny biby fiompiny, indrindra mandritra ny vanin-taona maina rehefa miharatsy ny kalitaon'ny ahitra voajanahary. Ireo antony ireo dia manakana tanteraka ny vokatra sy ny fampandrosoana ny fiompiana biby eto amin'ny firenentsika. Noho izany toe-javatra izany dia mitaky teknika fanaovana otri-bilona ahafahana misoroka ny tsy fahampian-tsakafo amin'ny fotoanan'ny ririnina.

Ankoatr'izay, ny valin'ny fikarohana natao teo aloha izay notontosain'ny FOFIFA / DRZVP Ampandrianomby Antananarivo dia naneho fahombiazan'ny famolavolana ny otri-bilona amin'ny lavaka, amin'ny barika sy amin'ny kitapo plastika. Na izany aza dia voamarik'izy ireo ny olan'ny bobongolo vokatry ny fisovohan-drivotra eo ny lavaka kely navelan'ny zaitra sy ny lavadavaka ateraky ny tsindron'ny taho noho ny fahalemen'ny kitapo nandritry ny famatrarana ny vilona. Izany no anton'ity fanadihadiana ity izay mitondra ny lohateny hoe " **Fanombanana ny vokatry ny fampiasana ny kitapo–kely vita avy amin'ny labasy eo amin'ny kalitaon'ny otri-bilona**". Ny tanjon'ny fanadihadiana dia ny fanatsarana ny fampiharana ny otri-bilona sy fampisehoana amin'ny mpiompy madinika ny fahombiazan'io kitapo-kely io mihoatra amin'ny fomba nentim-paharazana.

.

## TANJONA

Mba hahatrarana io tanjona io, dia nahompana tamina tanjona telo manokana ny asa, ka ny voalohany amin'izany dia ny fanamboarana, amin'ny alalan'ny fandraiketana ny labasy amin'ny hafanana, ny kitapo-kely tena mafy sy tena mihiboka tsara ary azo ampiharina tsara amin'ny fiompiana madinika. Ny faharoa dia ny famokarana mahomby amin'ny famolavolana an-tsakany sy an-davany ny otri-bilona. Ary ny tanjona fahatelo dia ny fandrefesana ny vokatry ny fanomezana ny otri-bilona ny biby

## FAMOKARANA NY OTRI-BILONA

### FOMBA SY FITAOVANA NAMPIASAINA

1.Fandrafetana ny kitapo-kely vita amin'ny labasy



2- Fanapatapahana ny vilona (2-5sm)




3- Famatrarana sy famenoina ny kitapo



4- Fanidiana ny kitapo sy fanatobiana azy mandritra ny 3 volana



5- Fangalana santionan'ny otri-bilona hatao fitsirihana simika sy amin'ny alalan'ny SPIR



6- andrana amin'ny biby

| Vondrona fampitahana | Vondrona andrana |
|---|---|
| Ahitra voajanahary (8ora) | Otri-bilona (9kg) |
| Mololo (10 à 15kg)<br>Fanampin-tsakafo (1,5kg) | |



| Vokatra andrasana | Hatrany refesina | Fomba andrefesana |
|---|---|---|
| Fahazotoan-komana | Fatran'otri-bilona lany | Fandanjana isan'andro ny sisa-bilona tsy lanin'ny omby |
| Fiovan'ny lanjan'ny biby | Lanjan'ny biby | Fandanjana isan-kerinandro ny omby |

## VOKATRA


Toetra ivelan'ny otri-bilona



•Bikany: Mbola voafaritra mazava tsara ny taho, ny ravina, ny salohy, ny babony ary ny voan'ny katsaka
•Loko: Ny volony amin'ny ankapobeny dia loko maitson'ny zavamaniry mifangaro volontany kely.
•Fofona: Fofom-boankazo, somary manitra alikaola
•.Bobongolo: Ny faritra ambony manondidina ny molotry ny kitapo dia ahitana bobongolo miloko fotsy.

Fitsirihana ara-tsimika sy SPIR


Taharo simika




| | DM | Ash | Ca | P | CP | Fib | NDF | ADF | ADL | hCell |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| katsaka maitso | 27,1 | 5,6 | 2,48 | 0,20 | 7,3 | 33,2 | 65,3 | 38,4 | 6,6 | 26,9 |
| Otri-bilona | 25,6 | 8,7 | 2,40 | 0,10 | 11,3 | 29,9 | 59,5 | 35,9 | 4,8 | 23,6 |

katsaka maitso Otri-bilona

**Andrana tamin'ny biby**




## TSOA-KEVITRA

Selon les 3 techniques d'ensilage de sacs que nous avons réalisées lors du projet BIOVA et EcoAfrica cette technique est plus efficace

Moins de moisissure

Obtention de bon ensilage

1 silo de 400kg environ peut nourrir 4 vaches pour 2 semaines

3 silos réalisés par jour